

# Jesoa Velona Ao

N° 35 mars 2021

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs

## Amin'i Maria



IGAGAONTSIKA ny Fitondran'Andriamanitra  
Izay mitondra ny zava-drehetra amin'ny tanjony,  
Ilay fahamalinana fara-tampony  
Sy ilay filaharany maha mpanjaka  
Izay mahafantatra sy mandamina ary mandahatra  
Am-paherezana sy an-kalemena  
Ny zava-drehetra hatramin'ny kely indrindra,  
Tsy am-piovaovana na kely aza.

Mampahafantatra azy izao tontolo izao  
Amin'ny fotoana sy toerana rehetra,  
Ny tany manontolo dia henika  
Ny fiamboniany mahatalanjona :  
Ireo fizaran-taona izay mifandimby,  
Ireo lanitra izay mihodina hatrany,  
Ireo zava-manan'aina izay mifanampy  
Sy mifanome tånana mifamonjy (Cantique 28, 1-2)

### MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE; E-mail: [rcordium@gmail.com](mailto:rcordium@gmail.com) ; <http://www.montfortian.info/amqah/>

# «Te hahita an'i Jesoa izahay»

21 MARSÀ 2021

ALAHADY FAHADIMY  
AMIN'NY KAREMY — TAONA B



MIARAKA AMIN'I  
PIERRETTE MAIGNÉ

**Jn. 12,20-33**

Tamin'izany andro izany,  
Nisy Jentily ny sasany tamin'ireo hiakatra ho any  
Jerusalemà  
Mba hankalaza an'Andriamanitra mandritra ny fetin'ny  
Paka.

Nanatona an'i Filipo izy ireo,  
Izay avy tany Betsaidan'ny Galilea,  
Ka nihanta taminy nanao hoe:

**«Te hahita an'i Jesoa izahay».**

Dia lasa Filipo nilaza tamin'i André,  
Ary izy roalahy no niara-nilaza tamin'i Jesoa.  
Ary namaly azy ireo Jesoa nanao hoe:

«Tonga ny fotoana izay hanomezam-boninahitra ny  
Zanak'Olona.

Amen, amen, lazaiko marina aminareo :

**Raha tsy maty ny voam-bary nafafy tamin'ny  
tany,**

**Dia mitoetra foana izy;**

**Fa raha maty kosa izy,**

**Dia mahavokatra be.**

Izay tia ny ainy

No hahavery azy;

Fa izay mankahala ny ainy amin'izao fiainana izao  
No hitahiry azy ho amin'ny fiainana mandrakizay.

raha misy manompo Ahy,

Dia aoka izy hanaraka Ahy ;

Ary izay itoerako,

No itoeran'ny mpanompoko ihany koa.

Raha misy manompo Ahy,

Dia homen'ny Raiko voninahitra izy.

Ankehitriny, mitebiteby ny Fanahiko.

Ka inona re no holazaiko?

**«Raiko, vonjeo aho**

**Ho afaka amin'ity ora ity » ?**

**-Nefa! Izao indrindra**

**No nahatongavako amin'izao ora izao !**

**Raiko, omeo voninahitra ny Anaranao!»**

Tamin'izany, nisy feo avy any an-danitra nanao hoe:

«efa nomeko voninahitra Izy ary mbola homeko  
voninahitra indray»

Nony nandre izany ny vahoaka izay teo

Dia nanao hoe : kotro-baratra izany.

Ny sasany nilaza hoe:

« Anjely niteny Taminy izany. »

Kanefa Jesoa namaly azy ireo hoe :

«tsy ho ahy izany feo izany,

Fa ho anareo.

Ankehitriny dia tonga ny fitsarana an'izao tontolo izao;

Ankehitriny ny mpanapaka an'izao tontolo izao

No horoahina;

Ary Izaho, rehefa tafasandratra hiala amin'ny tany,

Dia hitarika ny olona rehetra hanatona Ahy.»

Ny tiany holazaina amin'izany dia ny karazam-  
pahafatesana tokony hahafatesany.

Ity Evanjely nosoratan'i Masindahy Joany ity no atolotry ny Litorjia ho antsika amin'ny 21 Marsa, Alahady fahadimy amin'ny Karemy Taona B. Ity no fampianarana ampahibemaso farany nataon'i Jesoa mialoha ny hijaliany.

**TE HAHITA AN'I JESOA IZAHAY:** izany no fangatahan'ny Jentily tamin'i Filipo izay niaraka tamin'i Andre hampitaina amin'i Jesoa Tsy namaly ny fanontaniana I Jesoa fa nanome ny dikan'ny fahafatesany izay efa manakaiky. Amin'ny alalan'ny fampidirana ny Teniny amin'ny « Amen » miverina indroa, izay midika fietren-tena amin'ny zavatra manaraka izay tiana holazaina.

Jesoa, toy ny mahazatra dia mampiasa sarin-teny : toy ny voam-bary izay tsy maintsy maty mba hamokatra be. Ny fahafatesan'i Jesoa no fepetra nahaterahan'ny Fiangonana ary hanambara amin'ny rehetra momba ny nahatongavan'i Jesoa, mamela ny olona rehetra hiditra ao amin'ny Fanjakany fa tsy ny jody irery ihany. Jereo Jesoa, manàna fifandraisana tanteraka Aminy, ary dia ho tanteraka izany aorian'ny fisandratan'i Jesoa amin'ny Hazofijaliana ka hahatanteraka izay voalazan'ny mpaminany: ny fanangonana ny olona rehetra.

**NY FOTOANA :** manandanja ho an'i Masindahy Joany ity voambolana izay ampiasainy in-26 miverina ity ao amin'ny Evanjeliny, fa teo no nanambaran'i Jesoa voalohany fa tonga ity ny fotoana. Ity fotoana ity, dia an'ny Hazofijaliana. Tao Kanà, Jesoa namaly an'i Maria hoe: mbola tsy tonga ny fotoako. Ity fotoana ity no fotoana tsara indrindra. Ny fijaliana tsy midika hoe tsy eo Andriamanitra fa tena manatrika feno eo Izy.



**VONJEO AHO AMIN'ITY ORA ITY:** miresaka ny zavany tao Getsemania ny evanjely sinôptika: fa avy eo indray, na dia tao amin'i Jesoa aza ny tebiteby, ny fahatokisana sy ny fandoazana no nameno ny maha-Izy Azy satria azony antoka ny fandreseny ary miombona tanteraka Aminy ny Rainy.

**MANOMEZA VONINAHITRA:** ny voninahitr'Andriamanitra dia ny fanatrehany mamirapiratra, ny manome voninahitra dia ny fanehoana izany fanatrehan'Andriamanitra izany.

“

Jesoa, toy ny mahazatra dia mampiasa sarin-teny : toy ny voam-bary izay tsy maintsy maty mba hamokatra be.



**RE NY FEON'NY RAY:** sambany tao amin'ny Evanjelin'i Md Joany izay tsy toa an'ireo envanjelista hafa izay niresaka an'io nandritra ny Batemin'I Jesoa sy ny Fiovany tarehy; ity tenin'Andriamanitra ity izay manamarina ny maha-Zanaka malalan'ny Ray an'I Jesoa sy nirahiny. Io no fatorana mampiray an'I Jesoa amin'ny Rainy ary miseho arak'izany ny fiombonany.

Rehefa manakaiky ny androm-pijaliana no mametraka ity fanontaniana ity ny Jentily ary afaka mitoetra ao ampontsika koa ny fanirian'izy ireo. Isika ihany koa, midira amin'ny fiombonana amin'I Jesoa, miraisa Aminy ho amin'ny famonjena an'izao tontolo izao, meteza ho Apôstôly mitarika hankamin'I Jesoa an'ireo rehetra izay mitady Azy; Mila antsika ny Tompo, ny vavakantsika, ny fijoroana vavolombelona ataontsika. ■

“

ny voninahitr'Andriamanitra dia ny fanatrehany  
mampirapiratra, ny manome voninahitra dia ny  
fanehoana izany fanatrehan'Andriamanitra izany.

# «Tsy maintsy hiharihary hatrany ny famindram-po sy hery amam-pahasoavana ananan'i Maria amin'ny fotoana farany»

**OULADZIMIR VAYTSIACHIVITCH,  
MINSK, BIÉLORUSSIE**

Nanomboka teo antenantenan'ny taona 1990 no nahafanatarako an'i Louis-Marie Grignion avy any Montfort... Fotoanan'ny fahaterahan'ny kristianisma indray teto amin'ny firenenay tamin'izay... Fony kely aho dia natao batemy tany amin'ny Fiangonana ortodoksa fa tsy nisy fitohizany anefa ny fiainam-pinoako...

Tamin'ny taona 1994 no nodimandry ny raibeko izay katolika... Olom-pinoana sy tia vavaka fatratra izy... Io fotoana io no niantombohan'ny fibebahako tamin'ny fomba matotra...

Nisy ny fotoana mazava izay nahatsapako fa nandova ny finoana an'Andriamanitra, ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny Virjiny Masina avy tamin'io raibeko io aho... Tsapako avy tato anatiko tao anatin'ny fotoana fohy ny faniriana lehibe mba handray Sakramenta... Ny Virjiny Masina izay itodihako matetika rehefa mivavaka aho no nanampy ahy handray ny fanapaha-kevitra farany. Notantanany tany amin'ny Fiangonana Katolika aho. Vao teny ampiandohan'ny làlam-pibebahana izay noraisiko dia nitia azy tokoa aho ary niraiki-po taminy. Nankamamy ny vavaka Raozery aho. Indray andro izay ary, naheno tantara momba an'i Md Louis-Marie Grignion avy any Montfort sy ny asazorany « Ny tena Fitiavana sy Fanajana an'i Masina Maria » aho. Nirehidrehi-paniriana lehibe ny hitady io boky io sy ny hamaky azy aho. Fotoana fohy taorian'izay dia teo am-pelatànako ny takelaka milazalaza momba ny « Raki-tsarobidy nankinina tamin'i Maria » tamin'ny teny rosiana izay natontan'ny edisiona « La vie avec Dieu » avy any Beljika (tamin'izany fotoana



OuladimirVaytsiachivitch,  
Minsk, Biélorussie



“

Indray andro izay ary, naheno tantara momba an'i Md Louis-Marie Grignon avy any Montfort sy ny asorany « Ny tena Fitiavana sy Fanajana an'i Masina Maria » aho. Nirehidrehi-paniriana lehibe ny hitady io boky io sy ny hamaky azy aho. Fotoana fohy taorian'izay dia teo am-pelatànako ny takelaka milazalaza momba ny « Raki-tsarobidy nankinina tamin'i Maria » .... Mazava ho azy fa tamin-kafaliana lehibe tokoa no namakiako azy avy hatrany. Hitako tao anatin'io boky kely io izay notadiaviko. Fa nahatsapa mazava tsara kosa aho fa nahalala io fanomezam-pahasoavana io tamin'ny alàlan'ny fisainana ary mbola lavitra ho an'ny foko ny hahalala azy hatramin'ny farany.

Ouladzimir Vaytsiachivitch



OuladzimirVaytsiachivitch, any Medjugorie

izany dia mbola io ihany no asoratr'i Montfort voadika tamin'ny teny rosiana). Mazava ho azy fa tamin-kafaliana lehibe tokoa no namakiako azy avy hatrany. Hitako tao anatin'io boky kely io izay notadiaviko. Fa nahatsapa mazava tsara kosa aho fa nahalala io fanomezam-pahasoavana io tamin'ny alàlan'ny fisainana ary mbola lavitra ho an'ny foko ny hahalala azy hatramin'ny farany.

“

**Nanam-paniriana mafy ny hanompo an'Andriamanitra aho ary tsapako fa ny vavaka fotsiny ihany dia tsy ampy. Niriako lalina ny hizara tamin'ireo namako ny hafaliako vokatry ny fahalalàko an'Andriamanitra...**

Indray andro, raha nandray Komonio aho dia nanontany an'i Jesoa hoe : « Tompo ô, inona no tokony ataoko mihoatra an'izao ? »... Avy hatrany dia ren'ny foko ireto teny ireto : « Tokony tohizanao ny firosoana miaraka amin'i Maria ... ». Hitako mazava tato am-poko koa ny Otely Masinan'ny Katedraly « Très Sainte Vierge » izay ahitana sary sikotra an'i Maria eo afovoany... Dia nankany amin'ny Katedraly aho. Nanam-paniriana mafy ny hanompo an'Andriamanitra aho ary tsapako fa ny vavaka fotsiny ihany dia tsy ampy. Niriako lalina ny hizara tamin'ireo namako ny hafaliako vokatry ny fahalalàko an'Andriamanitra. Tao amin'ny Katedraly dia nahita peta-drindrina izay nantana hanatevindaharana ny fikambanana « Légion de Marie » aho. Rehefa nahafantatra tsara ny antom-pisian'ireo mpikambana ao aho dia nazava tamiko fa izany mihintsy no tadiavin'ny fanahiko... Tao amin'ny « Légion de Marie » dia nahalala fahamarinana maro manandanja ho ahy aho... Tsapako teo fa ao no hampitomboako ny fanomezan'ny finoana izay nolovaiko tamin'ny raibeko toy ireo talenta voalazan'ireo fanoharana ao amin'ny Evanjely... Fantatro teo koa ny antson'Andriamanitra niantefa amiko – dia ampahany amin'ilay boky « Raki-tsarobidy nankinina tamin'i Maria », voasoratr'i masindahy Grignon avy any Montfort hoe : « Tandremo dia tandremo ny tsy miasa sy ny mipetrapetra-poana sao lasa poizina sy fanamelohana ho anao ity tsiambarateloko ity » (SM1). Ary rehefa noraisiko teo an-tànako ilay « Manuel de la Légion de Marie », dia fantatro fa, ho ahy, inty no fampianarana an-tspiriany momba ny tsiambaratelon'ilay fanokanana ny fiainany amin'i Masina Maria Virjiny arak'i Grignon avy any Montfort.

Tao amin'ny fikambanana « Légion de Marie » aho no nanokan-tena voalohany tamin'ny Renin' Andriamanitra, tiako ny asa apostolika ho an'ireo mpiara-belona amiko ary nahita heviny lehibe amin'ny fanaovana izany aho tao ... Tsara ho marihina koa fa ny fikambanana « Légion de Marie » dia teraka avy tamin'ny tena fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina raha, ny takarivan'ny 7 septambra 1921, tany Irlande, Dublin, nisy olona 15 nivory tao am-piangonana mba hiresaka momba ilay boky nosoratan'i Md Grignon avy any Montfort « Ny tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria ». Ary tamin'io andro io indrindra dia narotsak'Andriamanitra tao amin'izy ireo ny fahasoavana hanorina hetsika tena tsara mamondrona lahika izay mifototra amin'ny fanajana lalina an'i Maria sy ny ho tonga toerana fiaingana manerana izao tontolo izao.



## Rome 2011

Araka izany, rehefa mieritreritra momba ny fiainan'i Mompera avy any Montfort aho dia mahatsapa fa izy no miaramilan'i Maria voalohany... Izy no tena nanolo-tena manontolo sy tanteraka tamin'i Maria, ary hatramin'ny fara-fofon'ainy dia mbola niredareda tao aminy ny faniriana hitory ny Evanjely eo amin'ireo izay mbola tsy nahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra.

Tamin'ny taona 2011 dia hasambarana ho ahy ny nanatrika niaraka tamin'ireo namako mpikambana amin'ny « Légion de Marie » ny fanandratana ho olontsambatra an'i Joany Paoly faha II. Nisy antony mazava ny nandehanako tany.

Tamin'ny alahadin'ny fankalazana ny Famindrampon'Andriamanitra no natao ny fanandratana azy ho olontsambatra. Nangataka tamin'Andriamanitra aho tamin'io andro io mba ho tonga eo amin'ny fasan'i Joany Paoly faha II amin'ny 03ora tsy diso sy hangata-bavaka aminy momba izay tokony hatao mba hitahian'Andriamanitra ny firenenay (ny « Biélorussie » ihany no firenena mbola tsy notsidihan'ny Papa homban'ny tso-dranony). Fa tamin'io andro io, tany Roma, dia toa nizotra tamin'ny fomba ratsy indrindra ny zava-nisy...

Ny alina nialoha ny fankalazana dia raikitra tao anatin'ny filaharam-ben'ireo mpivahiny maro be tonga izahay ka vokatr'izany dia tsy nisy intsony ny fanantenana hahatafidirana teo amin'ny « Place Saint Pierre ».

Fa naneho fahagagàna Andriamanitra. Niseho tamin'ny heriny lehibe indrindra ny Famindrampon'Andriamanitra. Tiako tokoa ity teny famerimberin'i Frank Duff, mpanorina ny fikambanana « Légion de Marie », ity : « Tohanan'Andriamanitra mandrakariva ny zanany tsy manam-pahefana, na dia tsy maintsy manao zava-mahagaga izy ho amin'izany », ary koa hoe : « Ny zavatra tsy azo heverina tsirairay dia mizarazara ho zavatra azo hatao 33 ». Dia toy izany tokoa ny zava-niseho. Azo heverina avokoa ny zava-drehetra ho an'izay manam-pahatokisana tsy manam-petra an'ilay Famindrapon'Andriamanitra.

Tamin'io fankalazana ny fetin'ny Famindrapon'Andriamanitra io, tamin'ny 03ora tsy diso, dia nandohalika teo akaikin'ny fasan'i Joany





Medjugorje. Ilay vohitra nisy ireo fisehoana

Paoly faha II aho ary tsapako fa tena zava-mahagaga izany ... Nanome ahy 15 minitra sarobidy ny Tompo mba hihaonako amin'ny Papa... Reko tato am-poko ny valin'ny fanontaniako : « Rehefa hisy olona maromaro manokan-tena tanteraka sy manontolo amin'ny Virjiny Masina aty Biélorussie, dia handao ity firenena ity mandrakizay ny satàna ». Izany valin-teny izany dia nitovy sahala tamin'ny tenin'ny demony tamin'i masindahy Jean-Marie Vianney hoe : « Raha toa, eto France, ka misy pretra telo sahala aminao, dia hiala eto mandrakizay aho ».

Dia nieritreritra aho nandritra ny fiverenana tany amin'ny fireneko : « Inona no tokony hataoko mba hahatanteraka izany ? »

Tokony hatao izay ahalalàn'ny fanahy maro indrindra any Biélorussie ny misterin'ny Virjiny Masina.

“ Nandritra ny fivahinianana masina dia niresaka momba ny tena fanajana marina ny Virjiny Masina aho. Maro ny olona no nanomboka niombona tamin'io fomba fanao io sy ny nanatanteraka tao amin'ny fiainany ny hafatra napetrak'i masindahy Louis-Marie Grignion avy any Montfort.

Araka izany, nandray ny fanapaha-kevitra hikarakara ny fandaminana sy ny fahatanterahan'ny fivahinianana masina any Medjugorje aho, sady efa ela koa no nihidy ho an'ny vahoaka avy aty « Biélorussie » io làlana io noho ny fahasarotan'ny fanaovana fahazoan-dàlana ; niravona anefa izany olona izany tamin'io fotoana io. Nandritra ny fivahinianana masina dia niresaka momba ny tena fanajana marina ny Virjiny Masina aho. Maro ny olona no nanomboka niombona tamin'io fomba fanao io sy ny nanatanteraka tao amin'ny fiainany ny hafatra napetrak'i masindahy Louis-Marie Grignion avy any Montfort. Hoy Marie tany Medjugorje : « Ho faranako any Medjugorje izay natomboko tany Fatimà ». Izany dia manambara fa ny hafatra napetrany momba ny fanokanan-tena manokana amin'ny Fo Madiony, tahaka ny naminanian'i mompera avy any Montfort azy, dia ho tanteraka; ho tanteraka eran-tany izy ary, ao amin'ny isam-pirenena sy isam-bahoaka, dia hisy andian'olona maromaro hanokan-tena manontolo amin'i Maria.



Vilnius, tranon'i Masimbavy Faustine



Inserire testo

Vilnius, « Porte de l'Aurore »

**« Amin'izay, hisy zava-mahatalanjona ho hita ety an-tany noho ny fahitan'ny Fanahy Masina an'i Maria ao amin'ireo fanahy tia azy. Hanenika azy ireo lzy, hanome azy ireo fanomezana sesehena, indrindra ny fahendrena mba ahafahany manatontosa fahasoavana mahagaga. Ry rahalahy malala, rahoviana no ho tonga izany vanim-potoana sambatra sy taon-jaton'i Maria izany, izay hahatonga ireo fanahy voafidy sy azon'llay Avo indrindra tamin'ny alàlany, hitia sy hanome voninahitra an'i Jesoa Kristy, noho izy ireo mahafoy tena tanteraka hiaina ao amin'i Maria. Tsy ho avy izany vanim-potoana izany, raha tsy fantatra sy atao ity fitiavana amam-panajana ampianariko ity » (VD 217).**

**Ary mbola misy lahatsoratra hafa notsoahina koa :  
« Azo inoana fa amin'ny andro farany izay mety ho tonga aloha tsy arak'izay heverina Andriamanitra dia hampisy olo-malaza feno ny Fanahy Masina sy ny fanahin'i Masina Maria. Hanao zava-dehibe amin'ny alàlan'izy ireny io mpanjakavavy avy amin'Andriamanitra io mba handringana ny fahotana sy hampijoro ny fanjakan'i Jesoa zanany eo amin'izao tontolo izao izay tototry ny faharatsiana rehetra ; tsy amin'ny fomba ahoana akory fa amin'ny fampiharana io fomba fanehoam-pitiavana voalazako io, izay vao soritako fotsiny ankehitriny ary manjavonjavo ihany noho ny fahalemeko, no ahatanterahan'ireo olo-malaza sy masina ireo izany asa lehibe izany.. » (SM 59).**

Aty Biélorussie, taona maro taty aoriana, dia nihamaro ireo fanahy nahalala ho azy ihany ny hafatrin'ny mompera avy any Montfort ary nanokan-tena tamin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria. Ny tena fitiavana sy fanajana marina an'i Maria dia nahasarika olona maro. Hany ka nanjary taona niavaka ny taona 2020. Nisy trangan-javatra sahala amin'ny fiposahana. Izany koa no nahatonga ny taona 2020 ho taona niavaka tsy fahita, taon-kafaliana nefa tena sarotra koa ho an'ny firenena sy ho an'ny vahoaka. Nifoha ny olona ary tamin'ny fomba entitra no nanapahany hevitra hanafaka ny tenany tamin'ny famoretana ataon'ny fanahy ratsy. Nanjary olona afaka ny vahoaka, nanokatra ny fony tamin'Andriamanitra. Maro ireo nanomboka nandeha tany amin'ny Fiangonana Katolika.

“

Nanjary olona afaka ny vahoaka, nanokatra ny fony tamin'Andriamanitra. Maro ireo nanomboka nandeha tany amin'ny Fiangonana Katolika.



## Fivahinianana masina any Minsk-Boudslave

Amin'ny maha mpikambana ao amin'ny « Légion de Marie » anay dia nahita fomba hafa indray izahay amin'ny asa fanompoana apostolika. **Midina eny an-dàlambe sy eny amin'ireo toerana voahodidin'ny mpitandro ny filaminana eto an-drenivohitra izahay isaky ny alahady, izy ireo izay mampiasa ny hasiahana sy ny herisetra tena ratsy feno habibiana manoloana ny mpiray tànana tsy mahery setra mba hanafenana ireo hetsika fanoherana ny fitondrana feno famoretana ataony.**

Miresaka miaraka amin'ireny polisy ireny izahay. Notoloranay Medalin'i Masina Maria Mahagaga tsirairay izy ireo, ilay Medaly natolotry ny Virjiny Masina an'i Catherine Labouré, ary notantarainay azy ireo ny momba ity Medaly ity. Nahaliana an'ireto polisy ireto tokoa ilay tantara : nandritra ny ady fanavaozana frantsay faharoa dia maro ireo olona nipetraka tany Paris no nanatona ireo Maseran'ny Charité sy nangataka Medaly maro ; fotoana vitsy taty aoriana dia niverina izy ireny ary nilaza fa niaro azy ireo ny Virjiny Masina sy nanavotra ny ainy nandritra ireo fifandonana teny an-dàlam-be. Misy koa ireo fahagagàna hita amin'izao ankehitriny izao. Maro ireo polisy no maka ireny Medaly ireny amim-piekena sy finoana fa fiarovana lehibe kokoa ho azy ireo ity Medaly ity noho ny fanamiana natao hiarovana manokana amin'ny tifitra bala.

Mino ny fandresen'i Masina Maria Virjiny aho satria « Tsy maintsy hiharihary hatrany ny famindram-po sy ny hery amam-pahasoavana ananan'i Maria amin'ny fotoana farany ». (VD 50), hoy i Masindahy Louis-Marie Grignon avy any Montfort amintsika. ■

# Fotoam-piofanan'ireo Pretra rehetra ao amin'ny Fianakaviamben'i Maria Mpanjakavavin'ny Fo **ao Burundi**

**NOTONTOSAIN'I Christine KABURA, mpanompovavin'i Virjiny Masina, mpikambana ao amin'ny Birao mitantana ny sahan'asa Marialy ao amin'ny ivon-toeran'ny Mpanompovavin'ny Virjiny Masina, Gitega-Burundi.**



**NANAO FIHAONANA INDROA MIANTOANA IREO FIANAKAVIAMBEN'NY PRETRA MRC AO BURUNDI:** ny iray fihaonan'ireo fianakaviamben'ny Pretra iray Diosezy, ary ny iray fihaonana nasionaly. Mihoatra ny 50 ny isan'ireo fianakaviamben'ny Pretra ireo.

Tamin'ity taona ity, ny fihaonana nasionaly dia natao ny 4 hatramin'ny 6 Janoary 2021. Miisa 26 ireo Pretra tonga niatrika izany avy amin'ny Diosezy rehetra ao Burundi, niaraka tamin'ny Evekan'ny Diosezin'ny Rutana, SE Mgr Bonaventure NAHIMANA, izy ihany koa dia mpikambana ao amin'ity fianakaviambe ity ary izy no nitarika ny fampianarana tamin'ity fotoam-piofanana ity. Ity farany izay tazomina hatrany ao amin'ny Ivon-toeran'ny Mpanompovavin'ny Virjiny Masina ao Gitega.



“

Izy anie hanampy antsika hiaina ny tena firahalahiana marina araka ny fanirian’I Kristy hoe: “mba ho iray ihany anie izy rehetra” (Jn 17,21).

Ny lohahevitra tamin’ity taona ity dia ny « Firahalahiana »: amin’ny maha-mpikambana ao amin’ny fianakavian’ny mpirahalaha azy ireo, te hifikitra tamin’ity lohahevitra ity ny Eveka, ary koa te handinika ny taratasy ansiklikan’ny Ray Masina “Fratelli Tutti”. Nampiasain’ny Eveka tamin’ny fampianarany ny ansiklika rehetra, dia ireo toko valo rehetra ary nampifandraisiny amin’ny fiainan’ny Pretra izay tokony ho toy ny raim-pianakaviana manoloana ireo mpino an’I Kristy, izy ireo dia tokony ho ivon’ny fianakavian’ny mpino Kristiana. Tsy maintsy miaina ny firahalahiana miaraka amin’ny Pretra rehetra ao amin’ny Diosezy, tsy maintsy miara-miasa amin’ny Evekany ary amin’ny Ray Masina. Meteza ho mpikambana ao amin’ny firahalahiana ao amin’ny firenena iray izay mijaly vokatry ny ady mifanesy, ho mpikambana ao amin’ny fiombonan’ny fiangonana izay efa manao dingana amin’ny famelan-keloka sy ny fampihavanana, izany dia midika fa mpitory ny firahalahiana isika. Ny maha-Reny an’I Maria dia manerana izao rehetra izao, renin’ny olombelona rehetra izay novonjen’ny Zanany Izy. Izy anie hanampy antsika hiaina ny tena firahalahiana marina araka ny fanirian’I Kristy hoe: “mba ho iray ihany anie izy rehetra” (Jn 17,21).

Nofaranana tamin’ny fivahinianana masina natao tao amin’ny Toerana Masina fanajana an’I Maria ao Mugerana ao amin’ny Arsidiosezin’I Gitega ny fihaonana. Tsy nofaranan’I SE Bonaventure tamin’ny toriteny ny fotoana, fa toy ny Mpiandry ondry nizotra manoloana ireo Pretra rehetra sy ny Mpanompovavy sasantsasany izy ary izy no nantana ny Vavaka Raozery. Ny Pretran’ny Paroasy ao Mugerana, izay solontena nasionalin’ny Fianakaviamben’ny firahalahiana no nandray ny vondron’ireto Pretra ireto teo anivon’ny Paroasy, ary nanolotra ny relikan’ny Lakroa Masin’I Jesoa. Taorian’ny fanajana, nisy ny dia vavaka niaraka tamin’ity relika ity nankany amin’ny lava-bato “Notre Dame de Lourdes”, toerana izay efa niandrasan’ireo Kristiana sasany sy ireo Mpanompovavy Mpiandraikitra ny Toerana Masina, an’ireto vondrona ireto, amin’ny fitsaohana ny Sakramenta Masina. Ny hira, ny fandinihana ny asasorat’I Père de Montfort mahakasika ny Lakroa, ny Tenin’Andriamanitra ary ny toko sapile am-polony maro no natao niaraka tamin’ity diam-bavaka nitondrana ny relika ity.

Rehefa tonga teo amin'ny lava-bato, niomana tamin'ny fizarana ny Sakramentan'ny fampihavanana ny Pretra. Taorin'izay, niroso tamin'ny fanavaozana ny toky nomena tamin'ny Batemy izahay araka ny fampianaran'i Père de Montfort (amin'ny dingana telo) : manoloana ny Baiboly : mampanantena fa hino sy hanaiky marina hotarihan'ny Tenin'Andriamanitra ; eo amin'ny rano voahasina : ho amin'ny fanavaozanay ny toky nomena tamin'ny Batemy ary ny farany ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Izay mahavita ireo dingana telo ireo dia mankeo anoloan'ny Jesoa mba hivavaka Aminy miaraka amin'i Maria. Tamin'ny farany, nomen'ny Eveka ny tsodranon'ny Sakramenta Masina, izay narahana'ny dia vavaka, miaraka amin'ny Eokaristia Masina, niainga teo amin'ny lava-bato mihazo ny toerana masina izay hanaovana ny Lamesa.

Nandritra ny Lamesa, notohizan'ny Eveka ny famporisihana ireo mpikambana ato amin'ny Fianakaviambe, nisaorany ihany koa ny Ivon-toeran'ny Mpanompovavy izay teo hatrany tamin'ny fandraisana ary nandray andraikitra be nandritra ny fihaonana izay nataon'izy ireo. Tanatin'ny fankalazana ny Eokaristia, Abbé Zziwa Joseph, Pretra Ogande, misionera ao Burundi, dia nanao ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria ihany koa.

Taorian'ny Lamesa dia nisy ny fiaraha-misakafo ara-pirahalalahiana izay narahana fandraisam-pitenenana maro. Tiako tsindriana manokana ny kabarin'i Mgr Bonaventure izay nilaza ny tantaram-piandohan'ity Fianakaviana ity :



“

Taorin'izay, niroso tamin'ny fanavaozana ny toky nomena tamin'ny Batemy izahay araka ny fampianaran'i Père de Montfort (amin'ny dingana telo) : manoloana ny Baiboly : mampanantena fa hino sy hanaiky marina hotarihan'ny Tenin'Andriamanitra ; eo amin'ny rano voahasina : ho amin'ny fanavaozanay ny toky nomena tamin'ny Batemy ary ny farany ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria.



nilaza izy fa ny taona 1976 no nanomboka izy ity raha mbola tanora an-dalam-piofanana ho Pretra izy tamin'izany. Tanora seminarista maro mpikambana tao amin'ny "Légion de Marie" no nangataka fahazoan-dàlana hampahafantatra sy hampitia ny Virjiny Masina tamin'ny alalan'ny Fikambanana Légion de Marie ao amin'ireo seminarista zandriny tao Burundi. Notohizan'izy ireo hatrany ny fihanonana mba hanaovana tombana manoloana ny asa anirahana azy ireo. 10 ny isan'izy ireo tamin'izany. **Ka faly izy ankehitriny mahita ireo Pretra marobe manerana ny Diosezy anaty Fikambanana ary mamporisika azy ireo hatrany hatanjaka mba hanjakan'i Jesoa amin'ny alalan'ny Maria amin'ireo Pretrany.**

Tamin'ny farany, nanome ny tsodrano farany ny Eveka ary nifampirary soa ny mpikambana rehetra ho tsara miverina any amin'ny Paroasy misy azy ireo avy. ■





# FANDRIKA FAHAROA: NY DIHY SY NY ALIM-PANDIHIZANA

1. Tian'izy ireo ho very aho, ry Tompoko,  
Amin'ny fandriky ny dihy ;  
Tapaho ity fandrika mamitaka ity  
Izay mampirona anay tsy manan-tsiny  
Mandihy ny olon-drehetra na eo aza lanao  
Tompo ô, vonjeo izahay.

2. Ity ny didin-kazo manitry ny Andriam-bavy  
Ary ny sekoliny mahafinaritra,  
Ity no kilalaon'ny mpidoroka zava-mahamamo  
Ity ny faribolan'ny demony  
Ity no noforoniny ho tsara tarehy  
Ho an'ny fahaverezantsika

3. Eny, Satana no mpamorona  
Ny dihy mahasosotra  
Izy no mpamorona voalohany  
Ity pesta mahafaly,  
Mba hanamelohana azy tsara am-pifaliana  
Ary toy ny tsy hita

4. Amin'ny dihy, izy no mpanjaka,  
Eto isika no manome voninahitra azy,  
Eto izy no manome ny lalàna  
Mitarika amin'ny filibàna mahasambatra;  
Mandray anjara feno amin'ity fotoana ity izy  
Eo afovoany amin'ny seza fiandrianany izy.

5. Izy no mandahatra ny zavatra rehetra  
Amin'ity fanazaran-tena raty ity,  
Asosany ao anatin'ny poiziny  
Ary ny lelafony sy ny ratsy ataony  
Avy aminy no mahatonga ny faniriana  
Sy ny fahafinaretana mampidi-doza



6. Entaniny ny mpandihy rehetra  
Mba handihy, hihira sy hihomehy ;  
Ity no ahazoany ny fon'izy ireo  
Sy ny vatan'izy ireo ary ny fanjakany  
Ataony avokoa ny fihetsehana rehetra,  
Ny dingana sy ny sangodina rehetra.

7. Milatsaka amin'ny feo izy io  
Mihira ny fahasoavana tsara,  
Manentana ny fitaovan-java-maneno  
Mihira nefa tsy mankaleo  
Ampiasainy avokoa ny fitaovana rehetra  
Sy ny feon-java-maneno rehetra.

8. Milatsaka anatin'ny vatan'ny  
Lehilahy mpandihy sy ny vehivavy mpandihy  
Mba hanomezany azy ireo fitaterana  
Amin'ireo lelafony mahafinaritra ;  
Izy no mitarika ny tongotra sy ny maso  
Amin'ireto olona mahantra mampalahelo.



. Ny vatan'izy ireo tsy mandeha amin'ny laoniny  
Ny sain'izy ireo tsy mazava,  
Ny fon'izy ireo dia voafitaka  
Izay ilay asan'ny demony,  
Ny zavatra ataon'izy ireo no tokony hahamalina  
An'ireo tsy te hanao toa azy ireo.

10. Ny demony eo amin'ireo mpanompo sampy  
Amin'ity fanomezam-boninahitra tsotra ity,  
Tsy mitady zavatra hafa izy  
Fa ny fandihizan'izy ireo mba hampifaly azy;  
Heverinay fa mampanantena azy ireo Satana  
Mba handihy ho an'ny tombotsoany sasantsasany.

11. Ny mpamosavy ao amin'ny sabata  
Ataovy, hoy ity fanazarana ity :  
Manao izany izy ireo aorian'ny sakafo  
Dihy avy amin'ny demony.  
Ity no ditin-kazo manitra io, ny fanompoana mahafaty  
Amin'ity fiheverana ratsin'ny demony ity.

12. Saika ireo rehetra voaroaka  
No mino ny famelàna ny dihy  
Fa ireo rehetra hovanjena,  
Sy tena zanaky ny Eglizy,  
Ankahalao izany rehetra izany  
Amin'ny fahavetavetana.

13. Amin'ny filazana ankapobeny,  
Tsy miraharaha ny dihy,  
Amin'ny tenany, tsy zavatra ratsy izany,  
Mety ho tsy manan-tsiny izy,  
Satria Davida dia nandihy tamim-panajana  
Manoloana ny Voninahitry ny Tompo

14. Fa ny fandihizana tsy misy tsiny,  
Mila toe-javatra maro izany  
Fa tsy afaka manampy ny tenantsika isika  
Ka hanafintohina an'Andriamanitra amin'ny dihy.  
Io dia faharatsiana matetika  
Io dia fanakorontanana lehibe.

15. Ny làlana, ny fotoana, ny fiafarany  
Ny olona izay mandihy  
Manipy poizina marobe ao  
Very ny tsy fananantsika tsiny,  
Ny loza manaraka ny mpandihy rehetra  
Ary na ny mpijery azy ireo aza.

16. Ahoana no ahatongavan[tsika] amin'ny loza  
Amin'ity faran'ny filibana?  
Miaraka amin'ny vovoka manitra,  
Miaraka amin'ny lokon-tarehy,  
Miaraka amin'ny fitanjahana raitra,  
Rendrendra sy zava-poana.



17. Indrisy ! Ahoana no handihizantsika ?

Malaza ratsy ilay fomba,

Miteraka poizina izy rehetra

Avy amin'ny lelan'afo tena maloto:

Ny fijeriny toa malefaka sy manindrona,

Ny fihetsiny toa manery

18. Toa voarefy ny dingan'izy ireo

Ny gadony tena tsara tarehy,

Ireo mpandray anjara tena vonona daholo

Ary ny hira toa vaovao avokoa !

Iza no afaka hanakana tsy hitia izany

Ka handoro sy handrehitra azy?

19. Inona no holazaina amin'ireo oroka ireo

Izay omentsika mba ho fefy,

Amin'ireo mpitondra hafatra loza be

Miaraka amin'ny lelan'afo maloto?

Tsy tombo-kasen'ny demony va izany

Ka hataontsika soram-pirinty amin'ny anarany ihany?



20. Fantatsika tsara ireo antony

Mandihy am-pahatsorana isika

Miafina izy ireo, kanefa feno faniriana:

Te hotiavintsika, te hampifaliana,

Mifindra na koa hafindra,

Na mahita na ho hita

21. Mandihy miaraka amin'ny hira isika

Feno fitiavana kely daholo,

Tafiditra anaty fandrika isika

Amin'ireny hadalana ratsy laza ireny

Dia hoy isika rehefa mandihy:

“Tsy sosotra amin'izany mihitsy Andriamanitra”.

22. Mandihy isika amin'ny andro voarara,

Ary mihoatra noho ny amin'ny andavanandro aza,

Ary amin'ireny fotoana very ireny

Manao ny asany i Satana;

Ary manao izany isika amin'ny Andron'ny Tompo

Fetin'ny mpanararaotra.

23. Indrisy ! Tsy mampaninona antsika

Ny fotoana lany amin'ny dihy,

Na dia zava-dehibe indrindra aza io,

Na dia lafo be aza io,

Fohy ny fotoana, sarobidy ny fotoana

Atokano mba hahazoana ny lanitra.

24. Raha mandihy amin'ny mpanompo sampy

Dia azo melohina hatrany hatrany,

Hanao ahoana ny Kristianina?

Oh! Heloka mahatsiravina !

Mivadi-pinoana izay mandà ny fanekeny

Izay efa nataony tamin'Andriamanitrany

25. Raha tsy nilavo lefona izy

Amin'ny fireharehan'ny demony rehetra ?

Mandallo foana ny dihy

Ho an'ny ankamaroany.

Eo am-pandihizana, ataony amin'ny Tompo

Ny fanalam-baraka



26. Mpandihy, saron-tavan'ny Kristianina,  
Tsy Jesoa Kristy no Tomponao  
Fa nalain'I Satana ho azy ianao.  
Toy ny mpivadi-pinoana, mpamadika.  
Mandehana, mpanohana ny fanahy ratsy,  
Manala Baraka an'I Jesoa Kristy.

27. Mpanao heloka be vava eo am-pandihizana  
Matesa any amin'ny hazo fijaliana;  
Amin'izany loza mitatao toy izany  
Miaramila iray mihomehy sy mandihy.  
O hadalana, o loza mahatsiravina  
Ny an'ny mpandihy iray mpanao heloka be vava !

28. Ry adala be, izay mandihy amin'ny sisin'  
Ny hantsana mandrakizay,  
Tsy misy mahasakana ny fahafatesana  
Eny fa na dia Andriamanitra amin'ny fahamarinany  
aza!  
Ah! Nampajamba azy rehetra i Satana  
Hamono ity omby maharikoriko ity izy.

29. Ny mpandihy rehetra, anaty fitaterany  
Ny tãnana, ny tongotra ary ny loha,  
Ary ny sisa amin'ny vatan'izy ireo,  
Tsy dia Hendry miohatra amin'ny biby.  
Ny soavaly aza tsy dia mitrifana loatra  
Ary milamina kokoa noho izy ireo.

30. Ny Testamenta atsy sy ary  
Samy manameloka ny dihy rehetra  
Ary mandrahona mafy  
Ny valifaty mahatsiravina  
Ireo mpandihy sy mpampihomehy,  
Ireo mpanolo-tsaina azy ireo sy ny mpanohana.

31. Manozona ny haingon'izy ireo Andriamanitra,  
Ny ranomanitrany sy ny tariny,  
Ny fiaretan'izy ireo feno fitiavana,  
Ny fihetsik'izy ireo feno tsy fitandramana;  
Norarany ny fanahafana azy ireo,  
Ny fijerena azy ireo sy ny fanatonana azy.

32. Mahery setra mihitsy ny dihy,  
Ny tsara indrindra angamba;  
Novonoiny I Masindahy Joany,

Mpialoha làlana ny Tompontosika.  
O Andriamanitra Lehibe, izay nataony tamin'ny maty  
Sy tamin'ny fanahy sy ny vatana!

33. Ireo Ray Masina, ny Mpampianatry ny Fiangonana,  
Ny làlan'ny fiangonana, ary ny Fiangonana mihitsy,  
Dia manameloka ny mpandihy,  
Namely azy ireo tamin'ny hozona,  
Ary ihany koa ireo mpampihomehy,  
Ny mpampifaly, mpanao hatsikana.

34. Jamba ny olona  
Amin'ny dihy, hoy ny Ray,  
Tsy milamina ny ankizy,  
Manamavo ny ray sy renin'izy ireo,  
Very voninahitra ny vehivavy  
Ary ny Fahasoavan'ny Tompo.

35. Ny dihy dia tsy mampankatoa  
Ny làlana rehetra ao amin'ny Eglizy,  
Vakin'izy ireo ihany koa  
Ny làlan'ny Moizy rehetra  
Very ny finoan'ny mpandihy iray  
Ary tsy tandremany intsony ny làlana.

36. Raha mandihy amin'ny toerana sasany isika,  
Mitomanin'alahelo ny Lanitra,  
Amin'ity fanoherana an'Andriamanitra ity  
Mifaly ny afobe  
Raha mimenomenona ireo olomasina,  
Ny mpanota tsy matahotra an'Andriamanitra mihomehy.

37. Manasazy mafy matetika Andriamanitra  
An'ireo mpandihy, maty tampoka,  
Mandoa vetivety  
Ny fanahin'izy ireo izay voaozona.  
Tampoka eo ny alim-pandihizana sy ny kilalao  
Midina mankany anaty afo.

38. Mandehana, izao tontolo izao sy ny namanao,  
Izay nolazaiko,  
Lazao amin'ny rehetra fa afaka  
Mandihy sy mihomehy;  
Lavitra ahy, tontolo manala Baraka,  
Veloma, tontolo mampalahelo ■



*St. Louis-Marie Grignon de Montfort*